# Ny Valosoa sy Hadihady

**Mpanao gazety : misy karamaina hanaratsy na hamotika olona fotsiny** 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 19 septambra 2019 Laharana 955 Vidiny : 400 Ar


Tranga tany Beramanja Ambanja 3

## Anisan'ny fisehoan' ny hatezeran' Andriamanitra


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Ambohitrimanjaka 2

# Building tsy misy vary, tsy atakalo tanimbary



CHAN 2020, Barean'i Madagasikara 5

# Manana riziky ho any Cameroun



BEN'NY TANÀNA LALAO RAVALOMANANA 3

## Be ny zava-bita nandritra izay 4 taona izay



Fizahantany 7

## Mbola sarotra ny hahazoana mpizahantany 5 hetsy isan-taona

Lalam-pihariana tapis Mohair 7

## Misedra olana satria mihasimba ny taranak'osy Angora

Randrianarimalala Julien 2

## Kandidà ben'ny tanànan' ny TIM ao Ambositra

**Daka kely**

Vary no azo hanina ry Boaikely fa tsy Building a !

Mpanazatra sy mpikatroka Boxe 5

## Mitaky ny hanatanterahana haingana ny fifidianana filohan'ny federasiona



Ny Valosoa sy hadihady

# Mpanao gazety : misy karamaina hanaratsy na hamotika olona fotsiny

Hafa mihitsy ny mpanao gazety (journalistes) eto amin'ity Firenena malagasy ity raha oharina amin'ny any ivelany. Raha ny marina ary tokony ho nampianarina ny mpianatra ho mpanao gazety dia tsy mirona amina firehana politika, fa manoratra ny tranga rehetra hitany ary tsy miaina amin'ny fihetsehampo sady mahay mandanjalanja tsara izay soratany miainga amin'ny porofo mivaingana sy marimpototra fa tsy manao tombatmbana ety ivelany. Tsy moralista na miseho ho mahay na mahalala ny herintsaina na herim-batan'ny olona resahiny, ka hanery azy amin'izay tokony hataony na lâlana tokony hizorany. Hita taorian'ny nahafantarana ireo kandidàn'ny antoko roa matanjaka hifanandrina amin'ny fifidianana izay ho ben'ny tanàna fa misy mpanao gazety tena karamaina mihitsy angamba, tsy hanoratra ankoatry ny fanaratsiana kandidà iray ary hanatsara sy hanasongadina ny ankilany mpifaninana amin'itsy voalohany. Tsy amin'ny gazety ihany no hahitana izany fa any amin'ny tambazotran- tserasera (fb) ihany koa. Iaraha-mahalala ireo antoko roa ireo fa ny TIM sy ny IRD. Tany am-boalohany dia nosafidian'ny Rodoben' ny Mpanohitra (RMDM) ho kandidà ny filoha Ravalomanana Marc. Nanolotra azy koa ny parlemantera TIM. Nanomboka teo dia efa nanomboka ny fanenjehana an- dRavalomanana Marc, ka naely fa tsy olona efa nahazo taona (troisième âge) no hahavita zavatra eto sady efa mpanolotsaina manokanan'ny ben'ny tanàna kanefa tsy nahavita na inona na inona no tena novoizina. Notanisaina ny fako misavovona sy ny gaboraraka manjaka eto amin'ny tanàna. Raha mpanao gazety matihanina anefa dia tsy maintsy mahafantatra izay tena tomponandraikitra sy fototra nahatonga ireo toe-javatra ireo. Tsy ilaina ny mitanisa izany fa ny olompirenena, mpanao gazety tsy jamban'ny tampimaso haraviravy azy dia afaka mamantatra izany. Mbola tsy nanana ny kandidàny ny IRD tamin'izay fotoana izay, ka rehefa akaiky ny fetrandro tsy maintsy hanendrena izay ho kandidà dia nanolotra ny azy izy hay olona efa nahazo taona koa no natolony sady minisitry ny raharaham-bahiny ankehitriny. Tsy nasian' ny mpanao gazety sy mpiserasera amin'ny tambazotra sosialy indray ny resaka taona fa voizina indray ny maha "andriana" (prince) sy maha mpandraharaha ary ny fahafantaran'ity kandidà ity an'Antananarivo. Raha hanao fampitahana ihany dia tokony hahafantatra ny mapanao gazety "matihanina" fa efa ben'ny tanàna teto Iarivo ary anisan'ny mpandraharaha efa ela teto koa Ravalomanana Marc sady orinasa lehibe misandrahaka any amin'ny faritra maro sy mampiasa olona an'arivony talohan'ny fanonganana azy ny taona 2009, ka tsy maintsy itodihana ny lasa mba tsy hitongilanana sy handisoana ny tantara. Azo lazaina fa tratry ny tsy nampoizina (contre pied) ihany ny mpitondra satria tanora vao erotrerony no natolotry ny filoha Ravalomanana. Marina fa tsy nampoizin'ny rehetra izany safidy izany, ka na ny mpikambana ao amin'ny TIM aza dia nanana ny heviny ary nisy nanakiana mihitsy aza. Novoizin'ny mpanao gazety ihany koa izany toe-draharaha izany, ka nilazan'izy ireo fa misavoritaka ny antokon-dRavalomanana Marc. Tanora no nofinidy kanefa mbola hita ihany ny hanakianana azy na dia ny akanjo anaovany entiny mihazakazaka aza izay zavatra mirefarefa amin'ny tany. Raha ny fantatra dia niravona izany savorovoro izany satria samy misaina sy mandinika ary mahay mandanjalanja ny olona afaka manao izany. Heverina fa ny olona miezaka manaraka ny fiainana ara-politika dia tsy olona manohana an-jambany na manakiana be fahatany fa miezaka manakatra ny politika avo lenta ary tsy ho jamban'ny mena miraviravy. Ny fahendrena Malagasy dia mampianatra, ka miezaka ny mpiserasera hivohy ny "na amboako na amboan'olona, rehefa vandana dia kary".

***Andry Tsiavalona***

Tranga tany Beramanja Ambanja

# Anisan'ny fisehoan'ny hatezeran'Andriamanitra

Nitrangana valan'aretina tsy fantam-piaviana iny ilany avaratr'i Madagasikara iny ny herinandro lasa teo. Tsy fatatra mazava fa dia nisy faharipahan'ny biby fiompy sy ny trondro tany anaty rano, nitranga tany an-toerana, izay nahalasa saina ny maro sy ny mpanara-baovao fa hoe inona ity mitranga? Tao Beramanja no isan'ny nitondran'i Pr Harimalala Joseph fanamarihina satria isan'ny tany an-toerana ny tenany. Nambarany fa kisoa niisa 50 teo ho eo no indray ringana ny harivan'ny Talata 10 Septambra lasa teo, ary nitohy izany ny Alarobia ary niampy indray ireo biby maty. Ho an'ity mpandinika ity dia toa fambara sy fampitandremana iny tranga iny, ka hinoany fa lakolosy hanairana ny Malagasy rehetra izany mba hiverenan'ny Malagasy amin'Andriamanitra sy hinoany an'izany araka ny tenin'i Jesosy Kristy ao amin'ny Jaona 3 ;36 manao hoe : « Izay mino ny zanaka, manana fiainana mandrakizay, fa izay tsy mino ny zanaka dia tsy hahita ny fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy". Mampieritreritra araka izany ireny trangan-javatra miseho ireny ary hanairana ny rehetra tsy ho vavimbariana satria mbola maro ny tsy mety mino ny tian'Andriamanitra ahatongavana eto Madagasikara ity, hany ka hanehoan' Andriamanitra ny fahatezerany, izay miseho maneran-tany sy ity nitranga tany Bemaranja-Ambanja faritra Diana ity. Ankoatra izay dia io tranga milaza loza io dia mbola hitan'ny mpanao politika hararaotina ihany koa, ka ilazana amin'ny vahoaka fa aleo hovaina ho IRD avokoa ny Ben'ny Tanàna mba hahafahana misoroka izao loza izao hono! Fa midika ve izany fa ny filoham-pirenena ve no minia manaparitaka izao valan'aretina mambotry vahoaka izao, mba hanararaotana ny safidim-bahoaka? Ho diso hevitra anefa isika raha izany fa ny zavatra tokony ho fantantsika dia matoa miseho ireny dia nohon'ny tsy fahalalan-tsika ny tena marina araka ny voasoratra ao amin'ny Hosea 4:6 manao hoe: "Ringana nohon'ny tsy fahalalana ny oloko". Noho izany dia isika no mila tonga saina ry mpiray tanindrazana satria ambaran'i Hosea ihany ao amin'ny toko 4: 1-3 dia hoe: "Mihainoa an'i Jehovah hianareo zanak'Israely! Fa Jehovah manana ady amin'ny mponina amin'ny tany, satria tsy misy fahamarinana, na fitiavana, na fahalalana an'Andriamanitra eo amin'ny tany. Fa fianianana sy lainga sy vonoana sy halatra sy fijangajangana kosa, eny, manao an-keriny izy, ka mifanotona ny fandatsahan-drà. Ary noho izany dia mitomany ny tany, ary reraka izay rehetra mitoetra ao aminy, dia ny bibidia sy ny voro-manidina; eny na dia ny hazan-drano any anaty ranomasina aza dia ringana koa". Araka izany dia io mitranga io ny fahatezeran'Andriamanitra fa miseho ary enga anie tsy hihitatra izany hanerana an'i Madagasikara. Koa manao antso avo amintsika rehetra aho, hoy hatrany i Pr Harimalala Joseph mba tsy hoandrasana ho latsaka anaty haizina mitalakotrokotroka ny firenena, ka mbola hiezahanareo ho terena ho IRD avokoa ny Ben'ny Tanàna amin'ny hadalanareo mianakavy efa mamotika ity firenena ity. Aza adino fa fianianana sy lainga izay voalazan'ny tenin'Andriamanitra anie no nisy teto Madagasikara hatramin'ny 19 janoary 2019 no mankaty. Dia izay no hitrangan'izao zavatra rehetra izao, fa samy manao izay tiany avokoa ny tsy misy misaina ny ho avin'ity nosy ity mihitsy, ka ho kapoka sy zava-doza no hiandry izao fitondrana izao, raha izao no mitohy, ka ny vahoaka no hizaka ny vokany satria ny : "ny zavatra rehetra nataon'i Jehovah dia samy misy antony avokoa. Eny, ny ratsy fanahy koa aza dia nataony ho amin'ny andro hahitandoza", araka ny voasoratra ao amin'ny Ohabolana 16:4.

***Lezama***

NY VALOSOA VAOVAO
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana

# Be ny zava-bita nandritra izay 4 taona izay

Nifarana omaly 18 septambra ny fotoam-piasan'ny ben'ny tanàna manerana an'i Madagasikara . Raha ho an'ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), tarihin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana dia nahavita zavatra manakaiky ny vahoaka izy na maro aza ny sakana nandritra ny fitantanany. Maro ny fanaratsiana ataon'ny sasany , nefa ny mponina eto Iarivo mahafantatra tsara ny zava-misy, ka tsy hanaiky ho rebirebena amin'ny filazàna fa hoe tsy nahavita na inona na inona ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Niasa sy nahay nitantana ny tanànan'Antananarivo i Neny na dia kely aza ny vola teo am-pelatananan'ny CUA hampandrosoana ny asa toy ny: fandoavana ny karaman'ny mpiasa, ny fandaminana ny tanàna, ny fanadiovana ny tanàna, sns,.. Tsy moramora ihany koa rehefa tsy ankatoavin'ny mpitondra fanjakana ny fipetrahan'ny ben'ny tanàna izay tsy mitovy firehana politika sy heveriny fa fahavalo politikany . Na izany aza no nahazo ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana dia mbola nahavita nandamina sy nikolokolo ny tanàna ihany izy tao anatin'ny asa mangina izay tsy nireharehany akory izany. Tamin'ny andron'ny filoha Marc Ravalomanana dia nisy ny fanampiany ny Ben'ny Tanàna teto Iarivo na dia antoko nanohitra aza , tsy nanilika ny andraikitra irery tamin'ny Ben'ny tanàna ny Filoha Ravalomanana tamin' izany fa nanampy hatrany izy . Ho an'ireo te-hanamarina hoe nahavita ve ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, sa tsia nandritra izay 4 taona nitondrany ny Renivohitra izay dia afaka mijery izy ireo ao amin'ny Facebook ny CUA dia ny CUA Serasera Ofisialy!

***Helisoa***

GREFTP Vakinankaratra

# Nangarahara ny atrikasa fandaminana ny ECD sy Vacataires hiatrehana ny « recrutement »

Tontosa ny tamin'ity herinandro ity ny atrikasa nentina nandrafitra sy nandamina, ny lisitr' ireo mpiasa ECD sy Vacataires eo anivon'ny GREFTP Vakinankaratra, izay natao indrindra hoentina miatrika ny fampidirana ho mpiasam-panjakana na recru-tement amin'ity taona 2019 ity. Atrikasa izay natrehan'ny Talem-paritry ny Fanabeazampirenena sy ny Fampianarana Teknika ary Arak'asa eto Vakinankaratra, RAKOTOARIMANANA Heriniaina Nomenjana- hary, sy ny PCC GREFTP Vakinankaratra RAZAFIMANJATO Patrick. Nanokatra izany tamin' ny fomba ofisialy kosa ny chef de Service des affaires sociales eo anivon'ny Faritra Vakinankaratra, izay nisolotena ny lehiben'ny Faritra mpisolo toerana. Nizotra tam-pilaminana tamin' ny ankapobeny ny fizotran'ity atrikasa ity, tao anatin'ny fangaraharana tanteraka no nanatanterahana izany. Ankoatry ny fanamarihana vitsivitsy avy amin'ireo mpanatrika dia tsy nisy ny olana teo amin'ny fanatanterahana izany. Samy tonga nanatrika avokoa ireo talen-tsekoly 9 misahana ny Fampianarana Teknika sy Arak'asa eto Vakinankaratra, ary samy nanana solontena ECD sy Vacataires nanatri-maso ireo Toeram- pampianarana rehetra. Marihina fa ahitana ECD 78 sy Vacataires 106 ny eto amin'ny faritra Vakinankaratra.

***Solohery***

TONONKALO

## AMBOHITRIMANJAKA SY NY TANAMASOANDRO

Meteza hijoro ry Ambohitrimanjaka.
(Ry mpanao biriky , ry mpamboly vary !)
Ka `ndeha hotoherina tsy hahazo laka
`Lay paika hanotofana "tany voajary".

Ny vary ny antsika no foto-tsakafo.
(Manao bemarenina ny fitondrana ).
Ny vidin`ny vary efa lafo dia lafo,
Ka `ndeha hotoherina ilay fikasana.

Ny "tanamasoandron-dry zareo mpandrava",
Tsy mety amintsika fa mety hahavalaka.
Isika efa zatra diavola-mazava,
K'aleo izy hitady tanety malalaka.

Izay "be no basy" ry Ambohitrimanjaka.
Voleo vary hatrany ny tanin`ny razana.
Isika vahoaka no tompon`ny laka,
Aza mety ho voavidy ka hisara-bazana !

***DADAN'i ZINA (18-9-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Kandidà Ben'ny Tanana TIM













FIHENAN'NY VOKATRA KATSAKA ANY BONGOLAVA

## Misy akony amin'ny praovandy sy ny vidin'atody

Nambaran'ny tantsaha mpamboly katsaka any Tsiroanomandidy faritra Bongolava, fa mamely indray ny aretina katsaka « Chenille Légionnaires », any amin'iny faritra iny. Izany hoe karazana bibikely mpanimba ny voly izy io raha tsy voatsabo haingana ilay katsaka maniry. Anisan'ny mampihena ny vokatra katsaka any amin'iny faritra iny ity aretina mpahazo ny katsaka ity. Ankoatr'izay, dia vitsy ihany koa ny rotsak'orana, ka manampy trotraka ny fihenan'ny vokatra any an-toerana. Noho ireo antony ireo dia miakatra ihany koa ny vidin'ny katsaka eny amin'ny mpanjinjara satria araraotin'ireo mpivarotra izay mahazo ny tantsaha izay. Misy fiantraikany aty amin'ny vidin'ny praovandy ihany koa izay fiakaran' ny akora izay, satria tsy maintsy mampakatra ny vidin'ny praovandy ihany koa ny mpanamboatra sakafon' ny biby fiompy . Ny olana anefa raha ho an'ireo tantsaha mpiompy akoho manatody lava dia tsy mety miakatra ny vidin' atody satria mbola ao anatin'ny fiomanana amin'ny fidiran'ny mpianatra ireo ray aman-dreny ankehitriny. Izany hoe sady tsy mandeha ny tsena, no maty antoka ny mpiompy eny ambanivohitra. Mbola baraingo anefa hatramin'izao hoe ahitan'ny fanjakana vahaolana ihany ve io resaka fidangan'ny vidin'entana io, ka maha-rendrika hatrany ny tantsaha malagasy .

***Rajo***



## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanalana fofona ao an-dakozia

Fomba fanalana fofona ao an-dakozia indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra atao amin'izany : mampangotraka rano 500 ml ( antsasalitatra ), asio vovoka thym ( na maina, na lena ) 2 sotro fihinana , avelao ilay entona hiparitaka ao an-dakozia ao dia iny no manala ireo fofona toy ny fofona menaka sy sakafo ao an-dakozia ao.



Kolontsaina

## Fantaro ny teatra Monisipaly Ambatovinaky

Feno 120 taona tamin'ny Sabotsy lasa teo ny toerana fanaovana fampisehoana voalohany teto Antananarivo, dia ny teatra monisipaly Ambatovinaky. Raha tsiahivina ny tantara, tamin'ny taona 1897 nony nitsahatra ny hetsiky ny Menalamba dia nanapa-kevitra ireo teratany frantsay fa tokony homena sehatra eto Antananarivo ny filalaovana tantara an-tsehatra. Tao amin'ny Lapan'Andafiavaratra no nanombohana izany, ka ireo miaramila frantsay no nilalao tantara tao voalohany, "théâtre de folie militaire"no niantsoina azy, satria nahatsikaiky fa nisy tamin' ireo miaramila no manao sarimbavy ao anatin'ilay tantara. Raha ny famaritana ny teatra dia ilay toerana fanaovana fampisehoana no antsoina hoe teatra, saingy nisy ny fifangaroana teo amintsika Malagasy teo amin'ny fampiasana ny voambolana, tsy mampaninona izany, fa ny zavadehibe dia mankafy teatra ny Malagasy na efitrano io na tantara. Ny taona 1899 dia niroso tamin'ny fananganana toerana filalaovana tantara an-tsehatra ny mpitondra frantsay, ny14 Septambra 1899 dia nolalaovina voalohany tao Ambatovinaky ny tantara tamin'ny teny frantsay nitondra ny lohateny hoe:"La mascotte", nosoratan'i Duris Chivot ary ny feonkiran'i Oran ary ny 22 Septambra 1899 dia tantara tamin'ny teny Malagasy nitondra ny lohateny hoe:" Zephine sy Armand" nosoratan'i Rajaonah Tselatra ary ravahan'ny hiran'i Rainizanabololona, ny Tropy Tananarive Theatre no nilalao io tantara io, taorian'io dia nisesisesy ny filalaovana tantara tao Ambatovinaky. Ambohipihaonan'ny zanak'Iarivo Ambatovinaky, satria lasa fahazarana ny mandeha mijery fampisehoana tao isaky ny faran'ny herinandro , ka ny mampiavaka azy dia mianjaika tanteraka toy ny hamonjy mpanambady ireo mpijery, mialoha ny hankanesana ao amin'ny teatra monisipaly dia mifampiandry eo amin'ny Pergola ny avy any ambany ary eo amin'ny zaridainan'Andohalo no mifamotoana ireo avy any amin'ny faritra avo. Taty aoriana nanomboka niresaka fitiavan-tanindrazana ireo mpanoratra tantara, tsy levon'ny vavonin'ny mpitondra frantsay izany, ka nitady hevitra ry zareo handravana ny Teatra monisipaly Ambatovinaky, nambara fa miha-antitra hono ny trano, ka tsy maintsy ravana kanefa arakan'ny voalazan'ireo ray amandreny nanatrimaso dia "fil" niboridana azo nofonosina no tena nisy tao, fa tsy nisy izany trano natahorana nirodana izany. Ny taona1952 no noravana ny trano. Tamin'ny 14 Septambra 1999 no nahafeno 100 taona ny Teatra Monisipaly Ambatovinaky, dia nisy ny hetaheta avy amin'ny mpanao teatra ny tokony hananganana indray io toerana manantantara io, ka ny tanjona tsy ho trano fanaovana fampisehoana intsony, fa ho Mozean'ny teatra ahitana ireo tahiry momba ny teatra sy trano azo anaovana famerenana ihany koa. Fa ny mampalahelo sy mampisitri-belona, ilay toerana manantantara teto Antananarivo, tamin'ny taona 2010 fotoana nitondran'i Edgard Razafindravaha ny tanànan'Antananarivo dia toeram-pivoahana no naorina teo Ambatovinaky ary mbola ao hatramin'izao. Ny azo ambara dia fanaovana tsinontsinona ilay toerana manan-tantara no natao, satria manana ny hasiny io toerana io noho izy sehatra nivoahan'ireo mpanankanto malaza.

***Ny Valosoa***

## NY TENY FIAINANA

*Romana 14:2*

*Ny anankiray mino fa mahazo mihinana ny zavatra rehetra izy, fa ny anankiray kosa malemy finoana, ka dia mihinana zavamaniry ihany.*

**FIDIRAN'NY MPIANATRA**

# Manome fahafaham-po ireo ray aman-dreny amin'ny fikarakarana taratasy ny CUA

Amin'izao ankatoky ny fidiran'ny mpianatra izao dia mitombo isa ireo Ray amandReny tonga mikarakara ireo antontan-taratasy izay ilaina amin'izany eny anivon'ny Boriboritany Voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), taratasy toy ny kopia, « bulletin de naissance ». Ankoatra izay anefa dia tsy vitsy ihany koa ireo tonga manao ny « légalisation » sy ny « certification » eny anivon' ity Boriboritany ity. Ka noho izay indrindra dia manao ny ezaka ireo tompon' andraikitra amin'ny fanafainga- nana sy ny fanatsarana ny kalitaon'ny asa, mba ho fanomezana fahafaham-po ireo mpanjifa. Araka ny nolazain'ny lefitra faharoan'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany Andriamatoa RAZANADRAKOTO Heriniaina dia hita tokoa fa mitombo isa ireo olona manatona ny Boriboritany amin'ny fikarakarana antontan-taratasy, noho izany dia mandray ny andraikitra izay tandrify azy izy ireo, mba hahafahana mamaly ny hetahetan'ny mpanjifa. Ny fanaovana kopia sy "bulletin de naissance' ohatra dia efa noezahina hovitaina eo no ho eo, mba ialana amin'ny fivezivezena be loatra, toy izany ihany koa ny fanaovana "legalisation" sy ny "certification". Raha araka ny nambaran'ireo olona izay tonga nikarakara taratasy teny amin'ny Boriboritany voalohany dia nilaza izy ireo fa afa-po tokoa tamin'ny fahafangainan'ny fikarakarana, eo ihany koa ny fandraisana mahafa-po izay ataon'ireo mpiasan'ny Boriboritany Voalohany. Maniry araka izany ireo mponina mba hitohizan' izany hatrany. Ny eo anivon'ny Boriboritany Voalohany dia miezaka hatrany ny mitady hevitra mba hanatsarana ny asan' izy ireo ho tombontsoan' ny be sy ny maro, soa iombonan'ny Malagasy rehetra rahateo no anisan'ny teny filamatry ny kaominina.



*Ireo vahoaka mikarakara taratasy ao amin'ny Boriboritany voalohany.*

**Aly**

**Orin'asa STAR-Fikambanana Fanamby**

# Hamokatra katsaka any amin'ny faritra Menabe Antimena

Miha-potika ny ala any amin'ny faritra arovana Antimena any amin'ny Faritra Menabe, vokatry ny doro-tanety sy ny tavy ataon'ireo olona mpifindra monina izay mitombo isan'andro any an-toerana. Ho fiarovana ny tontolo iainana sy fanatsarana ny sosialim-bahoaka any amin'ny faritra Antimena Menabe dia hanantanteraka tetik'asa fambolena katsaka amin'ny velaran-tany azo ambolena mirefy 44 600 Ha ny Orin'asa Star sy ny Fikambanana Fanamby. Nilaza Andriamatoa Francis Ambroise, Tale Jeneralin'ny Orin'asa Star fa ny katsaka sy ny "Orge"dia anisan'ny akora fototra ho an'ny vokatra Star ary mamokatra katsaka 13000 taonina isan-taona ity farany. Nanamafy ity Tale Jenerain'ny Orin'asa Star ity, fa miara-miasa amin' ny tan-tsaha aman'arivony ny Orin'asa Star amin' ny famokarana "Orge", izay miorina amin'ny fifanarahana ara-taratasy mazava arahina fanofanana sy fanarahamaso ara-teknika ary ny famatsiana mialoha ny akora entina mamokatra. Ankoatra izany, manaja ny tontolo iainana amin'ny fanarahana an'ireo torolalana ao amin'ny bokin'andraikitra ny Orin'asa Star amin' ny famokarana ny akora. Nanohy nanazava Andriamatoa Francis Ambroise, fa nahazo fankasitrahana ISO 9001 amin' ny fanarahana ny fenitra manokana amin'ny fitantanana kalitaon'ny vokatra rehetra ma- nomboka amin'ny fanodinana ka hatramin'ny famarotana ny Orin'asa Star. Ankoatra izay dia nilaza ny Tale Jeneralin'ny Orin'asa Star, fa mandray anjara amin' ny fiarovana ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny tetik'asa RSE ny Orinasa, ka voasoritra ao anatin'izany tetik'asa izany ny fanatanterahana fambolen-kazo sy ny fanenjehana an'ireo olona manapaka hazo sy mandoro ala iarahana amin'ireo vondron'olona ifotony. Marihina fa tsy maintsy hanatanteraka fanadihadiana lalina any amin'ny faritra Arovana Antimena faritra Menabe ny Orin' asa Star alohan'ny hiantombohan'ity Tetik'asa fambolena Katsaka iarahana miaraka amin'ny Fikambanana Fanam-by ity.




*Ireo Tompon'andraikitra ao amin'ny Ong Fanamby sy ny Orin'asa STAR.*

**Franck Razakambelo**

**Boriboritany faha-5 (CUA)**

# Nanadio tatatra mirefy 250 m teny Ambatomaity II-A, ho fiatrehana sahady ny fotoam-pahavaratra

Mitohy hatrany ny asa fikarakaràna ireo vahoaka eny ifotony tanterahin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nanatanteraka fanadiovana tatatra mirefy manodidina ny 250 m eo ho eo teny Ambatomainty II A, ireo ekipa teknika avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy afak'omaly. Tatatra tsentsina tanteraka vokatry ny fako ataon'ireo mponina manodidina sy ny mpampiasa ity lalana ity no nodiovina ho fisorohana ny mety ho fiakaran'ny rano amin' ity faritra ity rehefa fotoam-pahavaratra. Izao asa izao dia notanterahana ho fitsinjovana hatrany ny mponina eny ifotony araka ny vina napetraky Ramatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana, amin'ny fanalefahana ny fiantraikan'ny loza voajanahary amin'ny mponina, indrindra ny sahirana ara-pivelomana. Efa manomboka sahady arak'izany ny fiomanana amin' ny fiavian'ny orana ho an'ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo.



*Fanadiovana tatatra nataon'ny Boriboritany faha-5.*

**Stefa**

**Fampianarana sy finoana**

# Hifarana rahampitso zoma ny fiofan'ny talen-tsekoly FJKM

Nanomboka ny Talata lasa teo ny fiofanan'ireo talen-tsekoly Fjkm manerana an'i Madagasikara . Eny amin'ny Cfd Ampandrana no manatanteraka izany fiofanana izany izy ireo. Rahampitso Zoma no hifarana ny fiofanana eo ambany fitarihan'ny foibe Fjkm. Raha ny fanokafana, dia ny tonian'ny departemantan'ny foibe Fjkm, ny mpitandrina Rakotondrainy Jaona no nitondra ny fampiofanana ho an'ireto talen-tsekoly ireto. Tanjona amin'izao fampiofanana izao ny haha-mendrika mandrakariva ny sekoly Fjkm, na eo amin'ny lentan'ny fampianarana, na eo amin'ny kalitaon'ny fitantanana sy ny foto-drafitr'asa, na eo amin'ny voka-panadinana ihany koa. Fanambin'izy ireo mantsy ny lanja miakatra hatrany miohatra amin'ireo sekoly samihafa eto Madagasikara. Tsara ihany koa ny voka-panadinana Cepe tamin'ity indray mitoraka ity, raha ho an'ny sekoly Fjkm. Andrasana kosa ny vokatra amin'ny fanadinana Bepc.

**Rajo**

**CHAN 2020**

# Manana riziky ho any Cameroun ny Barean'i Madagasikara

Manana riziky hiatrika ny dingan'ny famaranaan'ny CHAN, na ny Championnat d'Afrique des Nations, hatao any Cameroun amin'ny taona 2020 ny Barean'i Madagasikara, ireo mpilalao baolina kitra eto antoerana, tsy misy ireo mpilalao matihanina avy any ivelany. Raha tafavoaka isika amin'ny lalao mandroso sy miverina hihaonana amin'i Namibia amin' ny lalao hatao ny alahady ho avy izao etsy Mahamasina, sy ny lalao miverina afaka tapa-bolana any Windhoek renivohitr'i Namibia, dia ho any Cameroun koa ny Barean' i Madagasikara. Cameroun no hameno ho 16 ireo hiady ny anaram-boninahitra, handimby an'i Maroc amin'ny taona ho avy io. Miisa 16 ireo ekipam-pirenena miady ny tapakila ho amin'ny dingana famaranana amin'ny CHAN 2020 hatao any Cameroun. Tafita avy hatrany ho amin'izany dingana famaranana izay i Cameroun, noho izy firenena hampiantrano ny CHAN 2020. Miisa 15 ireo lalao fifanintsanana dingana faharoa, ka izay tafita amin'ireo no hihazo an'i Yaoundé.

1.Algérie # Maroc,
2.Tunisie # Libye,
3.Mali # Mauritanie,
4.Sénégal # Guinée,
5.Togo # Nigeria,
6.Niger # Côte d'Ivoire,
7.Burkina Faso # Ghana,
8.Centrafrique # RD Congo,
9.Guinée Equatoriale # Congo,
10.Rwanda # Ethiopie,
11.Soudan # Tanzanie,
12.Ouganda # Burundi,
13. Zambie # Eswatini,
14. Madagascar # Namibie,
15. Zimbabwe # Lesotho,

Hotanterahina ny 20 sy 22 septambra 2019 ny lalao mandroso ho an'ireo lalao 15 ireo ary ny 18 sy 20 oktobra 2019 ny lalao famerenana. Maroc no tompon'ny anaram-boninahitra farany.

**Lita**

**Mpanazatra sy mpikatroka Boxe**

# Mitaky ny hanatanterahana haingana ny fifidianana filohan'ny federasiona

Nanao fanambara miaraka ireo mpikatroka sy mpanazatra ny taranja hay ady Boxe, n any ady totohondry omaly. Takian' izy ireo ny hanatanterahana ny fifidianana izay ho filohan'ny federasiona ato anatin'ny fotoana fohy. Nambarany fa efa tamin'ny 2018 no tapitra ny fepotoam-piasan'ny filohan'ny federasiona sy ny mpikambana amin'ny birao miaraka aminy ka mila fanavaozana amin'izany, araka ny nambaran'ny mpitondra teniny, Aurélien RAZAFINDRAZATO, mpanazatra ny ligin'Atsinanana. Namafisin'ireto mpikatroka Boxe ireto fa tsy nampahafantarina azy ireo ny momba ilay voamiera manokana hikarakara fifidianana, fa notendrena antsokosoko. Nazavain'ireto mpankafia ny taranja Boxe Anglaise ireto, fa mila mandeha amin'ny antanan-tohatra ny fifidianana ho tanterahana, ka ny eny anivon'ny seksiona sy ny ligy no hisantarana azy ary mitohy amin'ny fifidianana ireo mpitantana ny federasiona. Tokony ho vitaina mialohan'ny fifidianana eo anivon'ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny Boxe Anglaise na AIBA izany.

**Lita**

ADY AMIN'NY TSY FANDRIAMPAHALEMANA

# Dahalo raindahiny 2 lahy saron'ny zandary

Dahalo raindahiny roa lahy no voasambotry ny Zandary ny fiandohan'ity herinandro ity, ireto dahalo raindahiny roalahy ireto no voasambotry ny Zandary avy ao amin'ny Poste Avancé Analavory, Distrikan'i Miarinarivo, faritr' Itasy. Nangalatra omby efatra tao amin'ny Fokontany Ambatomenaloha, Kaominina Analavory izy ireo ny alin'ny 11 septambra 2019. Saika hamidy aty Antananarivo ireto omby vositra ireto. Nataon'ny Zandary, niaraka tamin'ny Fokonolona ny fanarahan-dia ireo olondratsy. Noraisim-potsiny teo amin'ny kizon'Antanetimboahangy ireo dahalo, tsy afaka nampiasa ny antsy lava sy lefona teny ampelan-tanan'izy ireo. Natolotra ny Fampanoavana tao Miarinarivo omaly ireto dahalo ireto.

***Ny Valosoa***



*Ireo dahalo roa tratra tany Analavory.*

Vakinankaratra

# 2 074 358 no no isan'ny mponina; 8,10% ny mponina eto Madagasikara

Nampahafantarina vonjimaika teto Antsirabe ny vokatry ny fanisana ny mponina farany teo. Fantatra fa manodidina ny 8,10 % ny mponina eto Madagasikara dia avy aty Vakinankartra avokoa raha ao Analamanga no mitana ny laharana voalohany 14,10%. Raha ny vokatra vonjimaika tamin' ny fanisam-bahoaka sy ny toeram-ponenana natao farany ny taona 2018 lasa teo dia miisa 2.074.358 ny mponin'i Vakinankaratra. Ny Distrikan'Antsirabe faharoa no loha- laharana amin'ireo Distrika 07 satria manana mponina 446.688, ary Mandoto kosa no vitsy indrindra 206.744. Ho an' Antsirabe voalohany dia miisa 245. 592. Fantantra ireo nandritra ny fivoriana ho fampahafantarana ny vokatra vonjimaika nandritra ny asa natao ho fanatanterahana ny RGPH 3 «Recensement Général de la population et de l'habitation » andiany fahatelo. Tao amin'ny efitrano malalaky ny Faritra Vakinankaratra no nanaovana izany, izay notarihin-dRamatoa Prefet sy ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra sy ny mpiara-miasa aminy , ny Lehiben'ny Sampandraharahan'ny antontan'isa, Ramatoa HANTARIVELO Karl Florence ary ireo Teknisianina avy any Antananarivo ao amin'ny fitantanana ny antontan' isa. Raha ho an'i Vakinankaratra dia tanora miisa 3.050 avy amin'ny fokontany 999 manerana ny Faritra no nanatanteraka ny asa fanisana, tsiahivina fa tsy nanano-sarotra ny asa satria tanora efa mifankazatra tamin'ny mponina teny anivon'ny fokontany misy azy ihany no nanao ny fanadihadihana. Ireo rehetra nandray anjara tamin'izao fivoriana izao dia samy nahazo ny boky miraikitra ny fanadihadihana natao ary ny andiam-panontaniana napetraka nandritra ny fanadihadiana. Zavadehibe ny fananana ny isa marina sy voamarina tahaka izao hoy ny Lehiben'ny Faritra raha nandray fitenenana izy satria, io isa io no kasinga ilaina ahafahana tsy mivaona amin'ny asa fampandrosoana tian-katao. Tsiahivina hatrany fa mbola vokatra vonjimaika ihany ireo isa nomena sy nifampizarana teto ireo.

***Lezama***

Antsirabe

# Nampahafantarina ny fepetra fanitsiana ara-barotra

Nosafidiana manokana Antsirabe nanaovana ny fampahafantarana ny fepetra fanitsiana ara-barotra ny herinandro teo. Ny ANMCC, izay rantsana ao anatin'ny Minisiteran' ny Indostria , ny Varotra sy ny asa tanana dia ny taona 2017 vao afaka niasa. Izao fampahafantarana izao no natao dia mba hiarovana ny mpamokatra eto an-toerana. Nohon'ny fahatongavan' ny entana maro avy any ivelany, izay manimba ny vokatra eto an-toerana, ka mahatonga fahavoazana ho an'ny orinasa. Tsara ny manamarika fa fepetra telo no afaka ampiharina : « mesure antidumping» sy « mesure compensatoire » dia misy fifaninanana tsy manaradalâna, ary ny « mesure de sauvegarde » kosa fitobahan'ireo entana avy any ivelany. Maro ny fitarainana efa voarain'izy ireo, raisina ohatra ny vovon-tsavony sy ny bodofotsy. Raha ny teto Antsirabe kosa dia ny Orinasa Socolait no efa nametraka fitarainana mahakasika ny ronono mandry mamy. Efa mandeha ny fanadihadiana ny amin' izany ary efa misy ihany koa ny fepetra noraisin'ny ANMCC. Nanokatra ny valan-dresaka narahana adihevitra tamin'ny fomba ofisialy ny Prefet an'Antsirabe, notronin'ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra mpisolo toerana sy ny Talem-paritry ny Indostria, tao amin'ny efitrano fivorian'ny Faritra. Nitarika izany famelabelaran-kevitra izany ny Tale Tekinika ANMCC, Ramatoa NAMBOHOE VENON Yolandine sy ny Chef de Services des Affaires Juridiques ANDRIANARITSEHENO Faneva. Marihina fa raha sendra fahavoazana ny mpamokatra dia afaka hametrahana fitarainana eo anivon'ny ANMCC ary maharitra 9 ka hatramin'ny 12 volana no hanaovany ny fanadihadiana, alohan'ny handraisany fanapahan-kevitra mahakasika ilay olana.

***Lezama***

**SARIITATRA :** Hiampy indray ny fampatoriana hataon-dRajoelina ato ho ato




Kolontsaina sy zava-kanto

# Fampirantina sary hosodoko « 7M » etsy amin'ny Immeuble Kube Andraharo

Sary loko hosotra aparitaka ambonin'ny tabilao ravahana hazavana amin'ny alalan'ny "Lumière Noire", ka mampiseho endri-javatra maromaro arakaraky ny fiovaovan'ny hazavana eo amin'ny tabilao. Ireo no misongadina mandritra ny fampirantina 7M, fampirantiana ny sangan'asan' Andriamatoa Anjaratiana Antonio Antsoina hoe "Donn" miara- miasa amin'ny Fondation H, izay tanterahina etsy amin'ny Trano fitaratra Immeuble Kube Galaxie Andraharo nanomboka ny 13 Septambra 2019 lasa teo, ka hatramin'ny 13 Oktobra 2019 ho avy izao. Nilaza i "Donn" fa samy mahita ny zavatra tiany ho hitany ny olona tonga mijery an'ireo Tabilao ireo. Nanohy nanazava ity Artista "Plasticien Graphiste"ity, fa malalaka kokoa ny hevitra fonosin'ny sary eny amin'ny tabilao, ka samy mamaky ny loko hosotra amin' izay tiany ny Mpitsidika. Niainga avy amin'ny teknika Amerikanina antsoina hoe "Dripping" ny dingana arahana amin'ny fandokoana ny Tabilao hoy Andriamatoa Njaratiana Antonio, izany hoe karazana loko aparitaka fahoany fahoany eo ambony lamba"Liberté de Mouvement". Nanohy nanazava ity Mpanao Hosodoko ity, fa ahosotra arakaraky ny fihetseham-po avy eo mampiasa "Baomba", "Spray", "Bombe Florrissante", loko trano sy ny sisa... Ny fampiasana hazavana "Lumière Noire" no mitaratra an'ilay Tabilao, ka manome endri-javatra maromaro arakaraky ny fiovaovan'ny hazavana. Marihina fa sangan'asa hosodoko maoderina ity ampirantina etsy amin'ny Immmeuble Kube etsy Andraharo ity, koa manentana hitsidika an'izay liana amin'izany.

***Franck Razakambelo***

Tontolo ambanivohitra

# Nanamarika ny faha 30 nijoroany ny fikambanana FIFATA

Nanamarika ny fankalazana ny faha 30 taona nijoroany ny fikambanana Fampivoarana ny tantsaha, na ny FIFATA izany. Nandritra ny efatra andro no nanamarihana izany ny herinandro teo tao amin'ny foibentoeran'ny fikambanana, teny Tsivatrinikamo Antsirabe. Tetikasa miainga eny amin'ny fikambanana amin'ny tontolo ambanivohitra no fanohitra hampiroborobo ny tantsaha mpamokatra Malagasy no niandohany. Maro anefa ny iraka sahanin'ny FIFATA (Fikambanana FAmpivoarana Tantsaha), araka izany dia tsy afaka ny hanatratra ny tanjona ireo tantsaha ambanivohitra ao anaty fikambanana, raha tsy misy ny mpitarika sy teknisianina matihanina. Ahitana ireo hetsika maro loko hiarahan'ireo fikambanan'ny tantsaha hita ato anatin'ny Faritra 11, izay ahitana ny fikambanana FIFATA, raha toa ka manodidina ny 1.000 ny tantsaha mpanolo-kevitra ho an'ireo tantsaha mpamokatra ao anatin'ny fikambanana. Nandritra ny andron'ny fanokafana dia nisy ny valan-dresaka narahina ady hevitra niaraka tamin'ireo fikambanana tantsaha maro nataon'reo mpitarika ny fikambanana. Ny andro hafa kosa dia nisy ny ady hevitra an-databatra boribory niadiana hevitra ho amin'ny famarotam-bokatra ary tamin'ny andro famaranana kosa dia nisy ny fitokanana ny tsangambaton'ny faha 30 taona, sy ny vako-drazana, nandraisan' ireo mpikambana avy amin'ny Faritra 11 hafa. Avy hatrany dia atrikasa no nanombohana ny fankalazana, niarahana tamin'ireo tompon'andraikitra ara-panjakana maro teto Vakinankaratra. Zava-dehibe ho an'ny Faritra Vakinankaratra ny fisian'ity fikambanana FIFITA ity satria mampitombo hatrany ny harin-karen'ny tantsaha mpamokatra eny amin'ny tontolo ambanivohitra ny iraka sahaniny sy ny traikefa zarain'ireo teknisianaina nandritra ny fiofanana tao amin'ny fikambanana, satria ny 86% ny olona dia misehatra amin'ny tontolon'ny famokarana sy fiompiana avokoa. Ny antom-pisian'ity FIFATA ity dia hampiroborobo ny vina ny fampiharana ny famokarana tantanim-pianakaviana ho matihanina sy mpamokatra lehibe miaro ny tombontsoan'ireo tantsaha sy fanampiana ireo tantsaha amin'ny alalan'ny tolo-draharaha fanohanana ara-teknika amin'ny fanitarana ny vokatra. Ny 30 taona voalohany dia fampitomboana ny vokatra sy fampanjariana ara-tsakafo teo anivon'ny mpamokatra. Raha ny 30 taona manaraka ao anatin'ny 5 taona indray dia hiompana betsaka amin'ny famarontam-bokatra, mba hivelatra amin'ny tsena ary mba hahaleo tena ara-tsakafo ireo tantsaha mpamokatra, izany no tanjon'ny fikambanana FIFATA.

***Solohery***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**14/09/19 hatramin'ny 21/09/19**

- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/034 05 750 29
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY MATEX Imprimerie

Fametrahana 955-09-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIZAHANTANY

# Mbola sarotra ny hahazoana mpizahantany 5 hetsy isan-taona

Tanterahana eny amin' ny CCI Ivato Antananarivo amin'izao fotoana, ny andiany voalohany amin'ny vovonana iraisam-pirenena ho an'ny famatsiam-bola ho an'ny fizahantany sy ny fitaterana antsoina hoe: Wave Madagascar. Tanjona amin' izany ny hahatratra mpizahatany miisa eo amin' ny 500 000 eo hitsidika an'i Madagasikara isantaona, izay hampitombo ny famoronana asa, ny vola miditra azo avy amin' ny fizahantany ary ny harin-karena faobe. Haharitra hatramin'ny rahampitso 20 septambra 2019 ity andiany voalohany amin'ny Wave Madagascar ity. Ny andro roa voalohany dia niompana tamin'ny famelabelarankevitra mikasika ny fampandrosoana ny sehatry ny fizahantany sy fandraharahana, ary ny roa andro farany kosa dia hisy ny fidinana ifotony hataon'ireo mpandray anjara, mba hahafahan'izy ireo mijery mivantana ireo toerana hiantsoana ireo mpampiasa vola. Fanamby lehibe ny hampitombo ny mpizahatany tonga eto amintsika, ho sarotra anefa izany raha mbola marisarisa ny fandriampahalemana, indrindra amin' ireo toerana maro mahasarika vahiny eto amintsika, ho sarotra ihany koa izany raha mbola tsy atokisana ny fiarovana ny fampiasam-bolan'ireo mpampiasa vola,…

***Stefa***

Lalam-pihariana tapis Mohair

# Misedra olana satria miha-simba ny taranak' osy Angora


Misedra olana amin'izao fotoana ny lalam-pihariana fanaovana karipetra na tapis Mohair any Ampanihy Andrefana, faritra Atsimo Andrefana. Tombanana ho manodidina ny 15 000 amin'izao fotoana ny olona mivelona amin' ny lalampihariana tapis na karipetra «Mohair » ity any amin'ny Distrikan'Ampanihy, Faritra Atsimo Andrefana, ka ny 80% ny mponina any dia mahafehy ny fanamboarana "tapis mohair" avokoa. Misedra olana ity lalampihariana ity amin'izao fotoana izao, satria dia mihasimba ny taranak'osy Angora fakana volony, izay akora amin'ny fanaovana karipetra « Mohair ». Manampy trotraka ny tsy fahampian'ny sakafo noho ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fitantanana arapahasalamana. Nisy ny loabary an-dasy tany antoerana natao ny faran'ny herinandro teo, nijerena vahaolana handrindrana ity lalampihariana ity, ary koa hanatsarana ny taranak'osy amin'ny alalan'ny fanaovana safiotra.

***Aly***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 293**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0292)

***Mitsivalana***
- Fotoana
- Ilo - Mena
- Loha - Nan(a)
- Vano (Miv) - Toy
- Hatory
- Vono (Miv)
- Mahaino

***Mitsangana***
- Filoha
- Olona
- Tohatra
- Avo
- Ma (Miv) - Roa
- Nentiny
- Anao - No (Miv)
- Ovaina (Miv)

Morondava

# Hampiantrano ny Foire Renala sy ny Festival «Rifatse» mandritra ny 4 andro

Foire Renala andiany faha 5 sy Festival Rifatse andiany faha 4, no hotanterahina ao antampon-tanànan'i Morondava ny 26 Septambra 2019, ka hatramin'ny 29 Septambra 2019 ho avy izao. Hetsika ara-kolontsaina sy ara toe-karena roa sosona hahitana tranoheva mananika ny 70, hanehoana an'ireo vokatra fambolena sy fiompiana mampalaza an'ireo Distrika miisa 5 mandrafitra ny faritra Menabe : distrikan'i Miandrivazo ; ny Distrikan'i Mahabo ; ny Distrikan'i Belo -Tsiribihina ; ny Distrikan'i Manja; ny Distrikan'i Morondava. Misy ny fampahafantarana ny otrik'arena mampiavaka ny faritra mba hisintonana an'ireo Mpandraharaha sy Mpampiasa vola vahiny sy eto an-toerana. Nilaza Andriamatoa Kotodeux Richard Filoha Mpikarakara ny Foire Renala, fa ankoatran'ny hetsika ara toe-karena dia ny fameloma-maso ny Kolontsaina mampiavaka ny Foko any amin'ny Faritra Menabe no tanjona, ao anatin'izany ny fampahafantarana ny dihy sy antsa Malagasy antsoina hoe Kolondoy sy ny Fitampoha. Ho hita mandritra ny Foire sy ny Fetsival ihany koa ny « Carnaval » hataon'ireo Mpisehatra ara-kolontsaina sy ny Fikambanana maro samihafa any an-toerana, ny famelabelaran-kevitra arahina ady hevitra hitadiavana vahaolana hoentina hampandrosoana ny toe-karenan'ny faritra, ireo hetsika zava-kanto sy ara-panatanjahantena ary fampisehoana hataon'ireo Mpanakanto maro be any an-toerana. Nilaza ihany koa Andriamatoa Richard Kotodeux, fa ny fanomezan-danja ny Kolontsaina sy ny fampivoarana ny Fizahantany no tanjona amin'ity Foire Renala sy ny Festival Rifatse ity.

***Franck Razakambelo***

## TENY MIFANARAKA N° 293



**Mitsivalana**

**1.** Tsipazana **2.** Andro ratsy - Manondro toerana **3.** Ao amin'ny hena - Fanontaniana (Miv) **4.** Aiza ? - Enina sy telo (Miv) **5.** Amin'ny tanàna **6.** Tapak'andro (Miv) - Mpanoritra **7.** Kianteny - Aizina **8.** Tsy sahy intsony (Miv) - Bibikely (BL) - Mpanondro akaiky **9.** Savoritaka **10.** Mampisafidy - Ho tanterahinay

**Mitsangana**

**A.** Fomba fihetsiny **B.** Fotoana - Aseho ivelany **D.** Lio - Vohitra (BL) - Hita ao amin'ny vatana **E.** Zokiolona efa be taona - Antsasaky ny rano **F.** Hekitara - Dila (Miv) - Heloka (BR) **G.** Fanontaniana? **H.** Tsy ao aloha, fa aoriana handatsa (BR) - Fanampin'anarana **I.** Avotana - Tsirinteny **J.** Renirano - Tovana Iharana **K.** Voankazo maro karazany - Bibin-drano masiaka

## Valiny Teny mifanaraka 0292

Mitsivalana

1. Mavesatra **2.** Ana - IV **3.** Tsinkafona **4.** Sonia - Rovo (Miv) **5.** Ora - Rafy **6.** Fito - (V)at(a) **7.** At(y) - Avoratr(a) **8.** Nao - (M)aso **9.** (M)anta - Inana **10.** Riaka - Loka (Miv)

Mitsangana

A- Matso - Rana (Miv) **B.** Saratany **D.** Voinna - Ota **E.** Ny - Fa - Ak(a) **F.** Sakarivo **G.** Ana - Ato (Miv) **H.** Tafoforana **I.** Ovy - Kosa (Miv) **J.** Aina - Atona **K.** Varratr(a)

Riana Randriamasinoro, kandidà Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra.

